Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ny Paska voalohany



Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Janie Forest; Alastair Paterson

Nampifanarahin'i: Lyn Doerksen

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2020 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Ary indro nisy vehivavy iray nijoro teo an-tsisindalana. Nanganohano izy mijery ny zava-miseho.

Ho faty ny zanany. Tsy iza io fa Maria renin'i Jesoa, izay nipetraka teo akaiky ny toerana nanombohana hazo fijaliana azy.

Ahoana ny nahatongavan'izao zavatra izao?

Fiainana tena tsara sy nahafinaritra toy iny ve dia izao no niafarany, fa nahoana?



Ary ahoana koa
ary no haneken'
Andriamanitra ny
hanombohana
hazo
fijaliana
ny zanany, ka
hamela azy ho faty?

Tsia! Tsy resy akory Andriamanitra. Tsy nanota na dia kely akory aza Jesoa. Efa fantatry Jesoa hatrizay fa tsy maintsy hovonoin'ireo ratsy fanahy izy.

Simeona, tamin'i Jesoa fony kely dia efa nilaza tamin'i Maria fa hisy fahoriana lehibe ho avy.

Andro vitsivitsy talohan'ny namonoana an'i Jesoa, indro vehivavy iray nanatona, ka nanosotra diloilo manitra ny tongony.

"Mandany vola fotsiny izy" hoy ny mpianatra nimenomenona. "Asa soa no ataony" hoy Jesoa.

"Hanomana
ahy halevina
no anaovany
izao amiko."
Mba teny
hafahafa koa
re izany e !

Taorian'izay, Jodasy,
iray amin'ireo mpianatr'i
Jesoa, dia nifanaraka
ny hanolotra an'i
Jesoa an'ireo
lohan'ny
mpisorona
tamin'ny
vidiny
30
dinaria.

Tamin'ny fetin'ny Paska Jiosy, Jesoa dia niaraka nisakafo farany tamin'ny mpianany.

Nilaza zavatra
mahafinaritra
azy ireo momba
an'Andriamanitra sy
ny fampanantenana
omeny ireo izay
tia azy
Jesoa.

Nifampizara mofo sy divay tamin'izy ireo Jesoa. Izany dia mba ho fahatsiarovana fa ny tenan'i Jesoa sy ny rany no nomena antsika ho solon'ny ota.

Rehefa avy eo Jesoa dia nilaza fa hisy hamadika azy amin'izy ireo, ary ny mpianatra sisa hafa kosa raha mahita izany dia handositra.



"Tsy handao anao izany aho" hoy Petera. "Raha mbola tsy misy akoho maneno, dia handà ahy in-telo ianao" hoy Jesoa.



Rehefa alina ny andro, Jesoa dia nandeha nivavaka tao amin'ny saha anankiray atao hoe Getsemane.

Resin-tory
ireo mpianatra
nanaraka azy.
"Raiko o," hoy
Jesoa nivavaka,
"...Esory amiko
ity kapoaka ity.
Nefa aoka tsy
ny sitrapoko no
atao fa ny anao".

Tampoka teo, indro tonga tao anatin'ilay saha vahoaka betsaka niaraka tamin'i Jodasy. Tsy nanohitra azy ireo Jesoa.

Fa i Petera no nikapa tamin'ny sabatra ny sofin'iray tamin'izy ireo. Vao noraisin'i Jesoa anefa ny sofin'ilay lehilahy dia niverina tamin'ny laoniny. Fantatry Jesoa fa sitrapon'Andriamanitra izao fisamborana azy izao.

Ary ireo nisambotra azy dia nitondra an'i Jesoa ho any an-tranon'ny mpisorona be. Toerana nivorian'ny mpanora-dalàna sy ny loholona, izay nilaza fa tokony ho faty Jesoa.

Ary Petera nanaraka teny lavidavitra teny, ary raha namelona afo teo an-kianja ireo dia mba nipetraka koa izy. Intelo no nisy nilaza i Petera hoe "Naman'i Jesoa ianao."

Ary intelo koa no nandavan'i Petera izany, arak'izay efa nolazain'i Jesoa azy. Petera dia niozona sy nianiana mihitsy tamin'izany.

KO-KO-RI-KO



Tamin'izay
fotoana izay
indrindra, dia nisy
akoho naneno.

KO-KO-RI-KO

Tahaka ny feon'Andriamanitra no nahenoan'i Petera azy. Ary izy nahatsiaro ilay tenin'i Jesoa taminy ka nitomany mafy.

Ary Jodasy nanenina
tamin'ny nataony.
Fantany fa tsy
meloka Jesoa.

Naveriny noho izany ilay vola 30 dinaria, saingy tsy nety nandray izany ny mpisorona be.

Natsipin'i Jodasy tamin'ny tany ny vola- ary dia nananto-tena izy.

Ary ny mpisoronabe nitondra an'i Jesoa teo alohan'i Pilato, ilay governora romana.

Ary hoy ity farany:
"Tsy hitako izay
helok'ity lehilahy ity."

Saingy ny vahoaka niantsoantso nikiakiaka hoe: "Homboy amin'ny hazo fijaliana izy! Homboy amin'ny hazo fijaliana izy!"

Nony farany Pilato dia nanolotra an'i Jesoa azy ireo ihany mba hombohana amin'ny hazo fijaliana. Ary ny miaramila nikapoka sy nandrora an'i Jesoa teo amin'ny tavany.



Namboatra fehiloha tsilo koa izy ireo, ka natsatony teo amin'ny lohany. Rehefa izany, dia nofantsihany teo ambony hazo fijaliana izy mba ho faty.



Fantatry Jesoa fa tsy maintsy toy izao ny fomba hahafatesany. Fantany ihany koa fa ny fahafatesany dia hitondra famelan-keloka ho an'ireo mpanota mino sy matoky azy.

Nisy jiolahy roa nombohana tamin'ny hazo fijaliana teo anilan'i Jesoa. Ny iray nino an'i Jesoa- ka afaka nankany am-paradisa. Tsy toy izany kosa anefa ilay iray hafa.

Rehefa nijaly nandritra
ny ora maromaro
Jesoa dia niteny
hoe: "Vita"
ary dia
maty izy.

Vita ny asany. Ary ireo namany namono azy lamba sarobidy ka nandevina azy.

Ary ny miaramila nanidy mafy sy niambina ny fasana.

Ka tsy nisy olona afaka nivoaka na niditra tao.

Mampalahelo tokoa
raha toa ka
tapitra teo
ny tantara.

Saingy Andriamanitra dia mbola nanao zavatra nahafinaritra be.
Tsy nijanona maty teo i Jesoa.

Vao maraina ny andro voalohany amin'ny herinandro, ...



... nisy mpianatry Jesoa vitsivitsy nahita ny varavaram-pasana nisokatra.



Rehefa nijery ny tao
anaty fasana izy
ireo dia gaga
fa tsy tao
intsony
Jesoa.

Nisy vehivavy anankiray nitomany teo akaikin'ny fasana. Niseho taminy Jesoa.

Vao nahita ny mpianatra izy dia nihazakazaka, feno fifaliana nanantona azy ireo ka nanao hoe:

"VELONA JESOA!
NITSANGANA
TAMIN'NY MATY
JESOA!"

Tsy ela taorian'io, dia tonga nanatona ny mpianany Jesoa ary nampiseho azy ireo ny holatra tamin'ny tanany. Tena marina tokoa! VELONA INDRAY JESOA! Namela ny helok'i Petera izy ny tamin'ny nandavany Azy.

Ary naniraka ny mpianatra ny hitantara sy hampiely manerana izao tontolo izao ny tantarany. Nony avy eo dia niverina niakatra tany an-danitra izy, ilay toerana nisy azy fahiny tamin'ny krismasy voalohany.

Ny Paska voalohany

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra,
ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Matio 26-28, Lioka 22-24,
Jaona 13 - 21

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava." Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala
amin'ny fahotanao ianao, dia izao
no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy
Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy
Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako,
ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-
baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny
Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona
ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha
amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16